
# ALAHADY   Fankalazana ny Vatana Masin'i Kristy- TAONA D2025



« Dia nihinana izy rehetra ka voky » (Lk. 9: 17)

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo isika dia nankalaza ny Trinite Masina Andriamanitra tokana olona telo isika, isika jiaby dia oloaraiky ao amin'ny Trinite Masina, Fratelli Tutti hoy ny Papa François, Mpiray Tompo isika Jiaby. Sambatra isika mahalala fa anisan'ny Trinite Masina, tsy noho ny fahamendrehantsika fa noho ny Famindrampon'Andriamanitra sy ny Fitiavany izay mibaribary tamin'ny fahafoizan'i Jesoa ny ainy teo amin'ny hazo fijaliana ary Izy nandrotsaka ny Fanahy manampy antsika hiombom-piainana amin'ny Trinte Masina. Nampihavanin'i Jesoa isika ka rava ny efitrefitra mampisaraka antsika amin'Andriamanitra, efitrefitra mampisaraka antsika samy isika, efitrefitra mampisaraka antsika amin'ny zava-boary. Olom-baovao ao amin'ny Trinite Masina isika ka irahina hanorina ny Tranobe Iombonana. Izany ny antom-pisian'ny Sinaody ataontsika izao : Eglizy Olo Velo, Velomin'ny Batemy miombona mandray an-tanana irahina ho Tabernakla velona. Io ny départ vaovao andrasana amintsika jiaby. Ity fijanonana faha-3 izay atrehintsika dia manosika antsika entanin'ny Fanahy Masina hivelona ny maha Olo Araiky antsika satria zary Mpiray Tampo isika ka mifanasoa, mifampitsimbina, mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana

**Vakiteny I : Jen. 14, 18-20**
**Tononkira :** Salamo 109
**Vakiteny II :** Kôr. 11, 23-26
**Evanjely :** Lk. 9, 11b-17

Izany rehetra izany no ankalazantsika amin'izao Alahady izao miaraka amin'ny Eglizy maneran-tany mankalaza ny Vatana sy ny Ràn'i Kristy na koa antsoina hoe "Fête-Dieu" miaraka manao procession isika mankalaza an'Andriamanitra eo anivontsika dia i Kristy Fihavanantsika Mampiombona izay banjinintsika amin'ny Eokaristia masina. Izany no mahatonga ny olona manao "Fête Dieu". Izy Andriamanitra tokoa hajaintsika amin'ny Sakramenta Masina, Izy

Sakramenta Masina no mitsodrano antsika ary amin'ny alalany sy miaraka aminy ary ao aminy no hahazoantsika ny tsodrano mitondra ny fahasoavana rehetra.

Nolazain'i Jesoa tamin'ny Alakamisy masina hoe *" Raiso ary hano, fa Vatako ity ho anareo, manaova izao ho fahatsiarovana Ahy". Toy izany koa, nony efa nihinana, noraisiny ny kalisy, dia hoy Izy: "Ity kalisy ity no fanekena vaovao amin'ny Rako; manaova izao ho fahatsiarovana Ahy, isaky ny misotro ianareo."* Mankalaza izany isika isaky ny manao ny Eokaristia fa atokana kosa ny Alahady anankiray manaraka ny Trinite Masina handalinantsika azy manokana mba haninteraka amin'ny fiainantsika tahaka ny ankalazaintsika ny Trinite Masina, ataontsika isanandro ny famantaran'ny hazo fijaliana izay manambara ny Trinite Masina fa tian'ny Eglizy ny manokana ny andro handinihana sy hibanjinana izay ankalazaintsika. Izany no antony ankalazantsika manokana androany ny Vatana sy ny Ràn'i Kristy, hanaovana procession hanambarana mazava ny finoantsika.

Matetika tokoa no milaza amintsika fa ny fankalazana ho antsika dia tsy fahatsiarovana fotsiny fa fiainana ka amin'ny Eokaristia dia Jesoa mihitsy no eo, eo anivon'ny fiainantsika. Tsy mitsahatra isika no mamerimberina fa ny Eokaristia no loharano sy fototra ny fiainantsika. Ny Eokaristia no faratampon'ny fiainantsika. Mifototra amin'ny loharanon'ny fiainantsika izao fanatanterahantsika ny Sinaody izao. Ny Eokaristia tokoa manko no manorina ny Eglizy Fianakaviamben'Andriamanitra, Fratelli Tutti, Olo Araiky isika Jiaby ary ny Eglizy Fianakavian'Andriamanitra no mankalaza ny Eokaristia. Noho izany dia mifaningotra sy mifameno ny Eokaristia sy ny Eglizy manomboka amin'ny fianakaviana «eglizy kely».

Ao amin'ny Eokaristia i Jesoa no ankalazaintsika amin'izao Fête-Dieu izao, tsy hoe an-kandrina na resaka fihetseham-po fa tena fiainana ary izany no maha Olona Velona antsika satria Eglizy misy an'i Jesoa sy Andriamanitra eo anivontsika.

Izany no mahatonga antsika manentana fa tokony hanana "chapelle portable" isika tsiraikiraiky izany hoe toerana ivavahana ka miaraka amin'i Masina Maria ilay tabernakla velona mandinika ny misterin'ny famonjena antsika. ARY IZANY INDRINDRA NO NANOKANANTSIKA NY TANANANTSIKA AMIN'NY FO MADION'I MARIA MBA HAKA TAHAKA AN'I MARIA ISIKA ARY INDRINDRA I MASINA MARIA HIVAVAKA HO ANTSIKA KA HAHATONGA ANTSIKA HO TABERNAKLA VELONA.

Mbola izany ihany koa no nanentana ny Eveka eto Madagasikara amin'izao taon-jobily izao nanokana an'I Madagasikara amin'ny Fo Masin'I Jesoa mba ho I Jesoa tokoa no hanjaka eto anivon'ny Nosintsika amin'izao andro sarotra diavintsika izao.

Mandritra ny procession isika dia sady mihira no mankalaza ny famindrampon'Andriamanitra izay banjinintsika amin'ny Eokaristia satria mibanjina ny misterin'ny famonjena antsika. Matoky isika fa tsy hamela antsika Izy tahaka Izy onena nahita ny vahoaka marobe araka ny Evanjely.

Amin'izao Alahady hibanjinantsika ny Vatana sy ny Ràn'i Jesoa izao no hanovozantsika ny aim-baovao ho entintsika eo amin'ny fiainantsika, isika zava-boahary vaovao ka mahatonga antsika ho voky sy hanana ny toe-piainana vaovao ao amin'ny Eokaristia izany hoe hanana fianam-baovao eokaristika izay midika fa tabernakla velona isika satria ao amintsika i Jesoa ary tahaka an'i Masina Maria isika mitondra an'i Jesoa eo amin'ny fiainantsika.

Mihavao isika rehefa eo anivontsika i Kristy, izany ny fanorenana lazaintsika, fanorenana fiainam-baovao miaraka amin'i Kristy hitondra antsika handrava ny rafi-pahotana manapotika

ny fifandraisana eo amin'ny tontolo iainana, eo amin'ny tontolom-piainana sy fiaraha-monina, fifandraisana eo amin'ny tontolom-pinoana.

Mamakivaky ny tananantsika i Jesoa  hanambarantsika fa Izy no hanjaka eto anivontsika ka «rava ireo rafi-pahotana mangeja", mamatotra antsika ka miaraka Aminy dia hampijoro ny rafi-pivelomana antsika izany hoe fifandraisana mampanjaka ny marina, ny rariny sy hitsiny ao anatin'ny fihavanana sady  kristianina no malagasy ka hifampitsimbina ny rehettra hikatsaka ny soa iombonana.

Maro ny Eglizy mametraka ny andro hanaovana ny kominio voalohany amin'izao fetin'ny Vatana sy Ràn'i Kristy izao hanambarana fa olom-baovao isika Eglizy Olona Velona ka hizara ny fanantenana vokatry ny eokaristia tahaka  an'i Masina Maria feno fanantenana na dia mafy aza ny sedra teo am-pototry ny hazo fijaliana dia manantena izy ao amin'i Kristy ka isika koa mahazo aim-baovao rehefa mandray ny Eokaristia, manova ny fiainantsika ka hahatonga antsika handresy ny ratsy izay manapotika ny fiainantsika.

Io no famantarana ambaran'ny evanjely "*Fa hoy Izy tamin'ny Apostoly: "Omeonareo hanina izy". Dia namaly ireo nanao hoe: "Tsy manana afa-tsy mofo dimy sy hazandrano roa izahay, raha tsy hoe handeha hividy angaha izahay, mba hisy hohanin'ireo vahoaka be ireo"*

Tsy manana n'inona n'inona isika fa raha miaraka miasa amin'i Kristy dia afaka miara-belona amin'olona. Raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra manao ny asantsika. Andriamanitra lavorary ka ho lavorary ny asantsika. Izany ny famelomana ny vahoaka dia ny fiaraha-miasa amin'i Kristy. Tsy mila zavatra maro i Jesoa na zavatra makadiry fa ny fahafoizantsika no tadiaviny ka ovany ho sakafo mahavelona olona marobe.

Kominio izany hoe miombona amin'i Kristy ka ny ataontsika rehetra zary asan'Andriamanitra na izay heverintsika ho bitika sy kely. Rehefa mandray komonio isika ary hanambarantsika ny finoantsika izany hoe fankalazana manetriketrika fa i Kristy eo anivontsika, aoka hanavao ny fontsika isika ka hiteny mazava tsara ny valinteny ataontsika rehefa milaza ny pretra hoe "Vatan'i Kristy" dia tsara atao mafy ny "AMEN" satria hanambarana ny fiombonana tanteraka amin'i Kristy.

Olombelona isika mandia tany ka mety ho solafaka, miloloha lanitra ka mety ho lena, maro ny zavatra tsy mety ataontsika fa fantaro anefa fa rehefa miaraka miasa amin'i Kristy dia miova ny zavatra rehetra satria izy no hiasa ao amintsika. Anisan'ny fiovana handrasantsika ny hanova ny rafi-pahotana mangeja antsika ho zary rafi-pivelomana izay santarintsika isaky ny mankalaza ny Eokaristia isika. Noho izany indrindra tsy mampikombona ny kominio raisintsika fa maniraka antsika ka zary tabernakla velona miaraka amin'ny chapelle portable, miteny antsika izy tahaka ny nataony tamin'ny mpianany *"omeo hanina izy ireo"*. Anisan'ny hanina no ezaka rehetra ataontsika fa indrindra amin'izao Sinaody izao

Isika izao no irahin'i Kristy mba hamelona ireo manodidina antsika, isika izao no Kristy mpiara-belona, isika izao no Eglizy manorina Olona Velona sy Eglizy manorina Tranoben'Andriamanitra. Isika izao no EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA Ny fiainantsika dia HO tontolo misy ny ain'Andriamanitra ka kolokolointsika, toy izany koa ny tontolo iainantsika tsy handoro na hitevy ala isika, ny tontolom-piainantsika dia misy an'Andriamanitra ka amin'izao alahady fankalazana ny Vatana sy ny Ràn'i Kristy izao dia entintsika ny Sakramenta masina mamakivaky ny tànana manambara fa eo anivontsika Andriamanitra ary miaraka amin'ny chapelle portable. Ny amintsika eto

Antsiranana dia tsy amin’ny chapelle ny famindram-po fotsiny fa ny tànana manontolo no hisy an’i Jesoa sy ny famindrampon’Andriamanitra ary famelan-keloka satria ao amintsika izy.

Mamelona ny manodidina antsika isika raha mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, raha miezaka mifampizara ny manta sy ny masaka ka mampijoro ny tena fampihavanana marina ilay fampihavanana sady kristianina no malagasy ka hahatonga antsika hampanjaka ny fiadanana sy hamafy ny fanantenana. Izany rehetra izany tokoa ny atao Sinaody izany hoe Eglizy miara-dia miroso sahady amin’ny fianakaviana eglizy kely mifanasoa, mifampitsimbina mikatsaka ny soa iombonana. Isika izao velomin’ny Eokaristia no Tabernakla velona tahaka an’i Masina Maria isika, entanin’ny vavaka avy amin’ny chapelle portable hibanjinantsika ny mistery ny famonjena antsika ka mitondra an’i Jesoa amin’ireo manodidina antsika. Izao diabe, prôcesio ataontsika dia anehoantsika izay nataon’i Masina Maria lasa namangy an’i Mb Elisabeta rahavaviny. Maro amin’ity tanantsika ity sy ireo manodidina antsika Elisabeta mangetaheta famangiana. Mamelona ny vahoaka isika raha manangana ny tontolom-piainana izay mitondra amin’ny tontolom-pinoana. Hitsodrano antsika i Notre-Dame de la route, hitsodrano antsika i Masina Maria. Isika izao manantanteraka ny hafatra nataon’i Jesoa hoe “indro ny zanakao” raha nilaza tamin’I Masina Maria izay teo am-pototry ny hazofijaliana ary nitodika tamin’i Joany izy “indro ny reninao” ka nanomboka teo nampiantrano an’i Masina Maria i Joany.
Isika eto Antsiranana mampiantrano an’i Masina Maria ka lasa tabernakla ny tànanan’Antsiranana sy ny diosezy manontolo. Ny tsodranon’Andriamanitra hanentana ny fiainantsika ka ho olom-baovao ao amin’i Kristy isika.

Raha fintinina izany rehetra izany dia izao no fampianarana azo asongadina. Tsy tantara fotsiny io fahagagana io. Mialoha ny famantarana ny Eokaristia. Raisin’i Jesoa ny mofo, mitso-drano, mamaky, manome… tahaka ny nataony tamin’ny Alakamisy Masina. Ilay mofo nosimban’ny fitiavana dia Izy tenany, Vatany natolony ho antsika. Misy lesona telo lehibe ampianarin’ny Evanjely androany: Andriamanitra eo anivontsika, tsy Andriamanitra lavitra, miara-dalana amintsika mivologna, miteny amintsika, manasitrana antsika, ary miahy ny filantsika. Miantso antsika hiombona Aminy ho mpiara-miasa Aminy hamonjy ny olona i Jesoa. Hoy Izy amintsika : "Omeonareo izy ireo." Ary indrindra, raha manao ny asan’Andriamanitra dia Izy manao ny asantsika. Izany raha mahafoy sy manompo am-pahamarinana izany hoe manana fiainana eokaristika dia mahavita zavatra “mahagaga”.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, tsy lavitra anay ianao fa nametraka ny vatanao sy Rànao ho sakafo mamelona anay ianao ka ampio izahay, ampio ny tontolom-piainanay manontolo ho tontolo hisy anao ka ho tena EOV Eglizy Olona Velona manorina ETA Eglizy Tranon’Andriamanitra izahay ary ho tena génération mpanorina izany hoe ho mpamafy fanantenana, ho mpamafy fiadanana. Izao Sinady izao hitondra amin’ny lalindalina kokoa ka ho EGLIZY OLO VELOMIN’NY BATEMY MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA; Masina Maria Ianao no Tabernakla Velona voalohany ampianaro izahay hahay handray an’i Jesoa eo anivon’ny fiainanay hahay hanao «eny» hahafoy ka hitondra an’i Jesoa eo anivon’ny Mpiara-belona hiaraka hankalaza ny Famindrampon’Andriamanitra tahaka ny nataonao sy Mb Elisabeta. Ampio ho Tabernakla velona izahay. Md Josefa Ray Mpiaron’ny Eglizy Eran-tany mivavahà ho an’ny fianakaviana Eglizy kely mba handrotsahan’Andrimanitra ny tsodranony ka hivelona mandrakariva ny finoana izahay na dia maro aza ny sedra sy ny fitsapana Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson